

Fitsipika momba ny fitondran-tena ara-nofo ho an'Ny mpiasa ao amin' ny sehatry ny maha-olona

Ny mpiasa ao amin' ny sehatry ny maha-olona dia mety hiharan'ny sazy anatranana mety ho voaroaka mihitsy- raha sanatria manao fihetsika mamoehatra amin'ny lafiny firaisansa ara-nofo. Ireto avy ireo fitsipika tsy maintsy arahin'izy ireo:

- **Tsy azon'Ny mpiasa ao amin' ny sehatry ny maha-olona atao ny manao firaisansa ara-nofo amin'ny olona latsaky ny 18 taona na dia ara-dalàna aza izany ao amin'ilay firenena iasany.** Antony tsy mitombina sy tsy azo ekena ny filazana fa tsy fantatra ny tena taonan'ilay olona nanaovana firaisansa ara-nofo.
- **Tsy azon'Ny mpiasa ao amin' ny sehatry ny maha-olona atao ny mitaky firaisansa ara-nofo amin'ny alalan'ny fanomezana vola, asa, entana na tolo-tanana,** ka ao anatin'izany ny entana sy tolo-tanana natao hanampiana ireo olona sahirana. Tsy ekena ny fanaovana fampanantenana hanome ireo zavatra ireo mba haneken'ny olona hanao fihetsika manambany azy na manararaotra ny fahalemeny. Anisan'izany ny fandoavana na fanomezana vola ny mpivarotena.
- To teny amin'izay rehetra mahazo fanampiana avy aminy Ny mpiasa ao amin' ny sehatry ny maha-olona. Mahatonga azy ireo hanana fahefana amin'ny olona ampiany izany toerany izany. Noho izany dia adidin'ny fikambanana misy Ny mpiasa ao amin' ny sehatry ny maha-olona ny **mandrara ny fanaovan'ny mpiasa ao aminy firaisansa ara-nofo amin'ny olona** voakasiky ny asa fanampiana vonjy taitra sahaniny. Mandoto ny tena asa ataon'Ny mpiasa ao amin' ny sehatry ny maha-olona ny fanaovany firaisansa ara-nofo amin'ny olona ampiany ary mampihena ny fahatokisan'ny olona ny fikambanana.
- Raha misy mpilatsaka an-tsitrano **manam-panahiana** fa misy olona ao anatin'ny fikambanana na sampana mpizara fanampiana hafa mandika ny lalàna momba ny fitondran-tena ara-nofo, dia **tsy maintsy** mitatitra izany izy, araka ny **dingana arahina** napetraky ny sampana misy azy.
- **Tsy maintsy ataon'Ny mpiasa ao amin' ny sehatry ny maha-olona ny hisian'ny** tontolo lavity ny fitondran-tena ara-nofo mamoehatra eo amin'ny fanatanterahany ny asany, tontolo izay mandrisika ny mpiara-miasa hitondra tena araka ny **fitsipi-pitondran-tena manankery ao anatin'ny fikambanana**. Andraikitry ny **mpitantana rehetra** ny manohana sy mampivoatra tontolo milamina toy izany eo amin'ny fanatanterahana ny asa.

Azaoao atao ny mijery ny andinindininy mahakasika ny fitsipika IASC momba ny fanararaotana sy herisetra ara-nofo amin'ny alalan'ity rohy ity:

http://www.pseataskforce.org/uploads/tools/sixcoreprinciplesrelatingtosea_iasc_english.doc.

Ity lahatsoratra tsotra ity dia novolavolaina niaraka tamin'ny fikambanana 'Translators Without Borders' sy ny 'IASC Task Team' izay mpisehatra ao amin'ny sampana Tamberin'andraikitra amin'ny Mponina mila fanampiana sy Fiarovana amin'ny fampiasana herisetra sy fanararaotana ara-nofo.

